

# Mpaminany Mitovy Amin'i Mosesy i Jesosy

Hoy i Mosesy: “Mpaminany avy eo aminao, avy eo amin'ny rahalahinao, eny, mpaminany toa ahy, no hotendren'i Jehovah Andriamanitrao ho anao.” (Deoteronomia 18:15) I Jesosy Kristy io mpaminany io. (Asan'ny Apostoly 3:20-22) Vakio tsirairay ny andinin-teny eto ambany. Soraty eo amin'ireo teboteboka, avy eo, izay mampitovy an'i Mosesy sy Jesosy.

## INONA NO MAMPITOVY AN'I JESOSY SY MOSESY?



1

Eksodosy 1:22; 2:9, 10  
Matio 2:13

2


Eksodosy 12:31-33  
Matio 2:14, 15, 19-21

3

Deoteronomia 34:10, 11  
Asan'ny Apostoly 2:22

4

Eksodosy 18:13  
Jaona 5:22, 23



- **ANDRAMO IZAO:** Vakio ao amin'ny Marka 4:35–5:43 ny fahagagana sasany nataon'i Jesosy tamin'izy tety an-tany, sady henoy ilay tantara hoe “Velona sy Mahery” ny Tenin'Andriamanitra, ao amin'ny [www.jw.org/mg](http://www.jw.org/mg). Jereo ao amin'ilay hoe ZAVATRA MISY > TANTARA HENOINA.

Vainy: 1. Efa saika maty tamin'ny mbola kely. 2. Niala tany Ejipta. 3. Nanao famantarana sy fahagagana. 4. Notendrena ho mpitsara.